
FITONDRANA RAJOELINA

# Misy tezitra aminy ny zanak'i Mahajanga

Tsy vitsy tao aorian'ny nisian'ny fanovana ny mpikambana sasany ao amin' ny governemanta ny alakamisy lasa teo, ireo naneho hevitra ny zanaky ny Faritanin'i Mahajanga teo aloha, ary naneho ny fahatezerany sy ny alahelony noho ny ataon'ny fitondrana Rajoelina, nanilika ny zanak'izany Faritany izany tsy ho ao anatin'ny governemanta hatrany, nandritra izay fanoloana mpikambana amin'ny fitondram-panjakana intelo miantoana izay. Misy hoy izy ireo ny mpanipy hoditra akondro ny fitondrana ireo ministra, ireo tsy mamely, na tsy hita mihitsy izay mba zava-bitany, nefa miorim-paka amin'izany governemanta izany. Ministra miisa 3: avy any Sofia, Melaky, Boegny anefa ankehitriny no efa voailika tao anatin'ny fitondram-panjakana, nefa nisy ny zava-bitan'izy ireo, dia ny ministra Volahaingo Marie Thérèse avy any Sofia, ny ministra Rijasoa Josoa Andriamanana avy any Boegny ary ny ministra Ahmad Ahmad avy any amin'ny faritra Melaky. Aoka izay ny mizana tsindrin'ila hoy ny sasany amin'izy ireo. Raha tsy fiangarana marina ilay izy hoy ny fanambarana dia hesory eo amin'ny toerany ihany koa ireo olona efa mampiaiky ny be sy ny maro ireo ny zavatra ataony.



*Ireo minisitra telo voahilika tao amin'ny governemanta.*

***Ny Valosoa***

Andry Rajoelina

# Tsy hita soritra ny fampanantenana nataony

Efa ho roa taona no nitondra ny tany sy ny fanjakana ny antoko TGV tarihan'ny filohany Andry Rajoelina. Maro ny fampanantenana nataon'ity farany raha vao tonga teo amin'ny fitondràna ny tenany sy ireo mpiara-miasa aminy. Tao anatin'izany no nitenenany fa hampindrana vola ny nosy Comore i Madagasikara, fa tsy hiankindoha amin'ny mpamatsy vola mahazatra intsony, satria tsy handroso mihintsy i Madagasikara hoy ny filoha Andry Rajoelina na ho 50 taona aza raha mbola mindrana vola amin'ireo hatrany isika. Teo ihany koa ny fitenenany fa handefa fanampiana any Liban; tanteraka ve izany manoloana ny fahantran'ny Malagasy amin'izao fotoana izao ? Ireo moa tsy dia asiana olana loatra satria tsy ho tanteraka na oviana na aoviana. Misy dikany anefa no hitenenany ireo, fidedahana fotsiny hoy ny fiteny izay satria rehefa Andry Rajoelina no mitondra dia hamirapiratra hono i Madagasikara, ary eto amintsika ny mason'izao tontolo izao, izay teny famerimberiny hatrany. Raha ny fampanantenana teto amin'ny firenena indray dia maro tsy voatanisa, tramway, bus manara-penitra sns… Ny eo tsy tanteraka, ny zava-baovao indray lazaina. Ny tena manavanana ity fitondràna ity dia tsy ny mahasoa ny vahoaka fa ny mahafinaritra jeren'ny maso fotsiny ihany. Maro anefa ny tena manahirana indrindra eo amin'ny lafiny sosialin'ny mponina. Tsy laharam-pahamehana ho an'ny fitondràna izany, fa ny azy hafa mihintsy. Potehina ny orin'asa Malagasy malemy fianakaviana maro toy ny orin'asa AAA, izay orin'asa naorin'ny filoha Marc Ravalomanana. Ilay fampanantenana natao IEM tsy hita soritra ny fanatanterahana azy, na nohirahiraina ho fantapoko ho fanta-pirenena aza. Ny tany Soalala aza moa vola be ny vidin'ny vy tao an-toerana tamin'ny fitondràna tetezamita izay noraisiny mivantana ny vola vidin'ny harena akibon'ny tany tao an-toerana tamin'izany. Namirapiratra ve ity distrika ity amin'izao fotoana izao ? koa inona no antenaina amin'ity fitondrana lazaina fa TGV haingam-pandeha ity, raha tarafina amin'io resaka Soalala io. Ny zanaky ny Faritanin'i Mahajanga aza moa amin'izao fotoana tezitra aminy sy ny fitondrana tarihiny.

***Helisoa***


Politika fampandrosoan'ny fitondrana Rajoelina

# Mifanohitra amin'ny paik'ady mampisandratra firenena

Tsy hisy fisandratan'i Madagasikara izany eto raha izao fihetsiky ny fitondrana Rajoelina izao. Niseho nitondra hevi-baovao, ka nilaza ny amin'ny fisandratan'i Madagasikara, na IEM, i Andry Rajoelina nialoha sy ao anatin'izao fitondrana izao. Nanao angoan-tenda sy nidehaka mafy nilaza, fa atao ho môdely aty Afrika mihitsy aza ao anatin'izany ity Nosy ity. Ny môdely handrefesany izany aloha tsy fantatra mazava, na ireo firenena Aziatika an-dalam-pisandratana lasa lavitra ara-toekarena, na ireo firenena vaovao indostrialy hafa misandratra ivelan'ireo. Ny fahitana azy dia mba mahita ny hafa misandratra sy misondrotra haingana ara-toekarena dia mba mihevitra hahavita izany ihany koa ny tenany amin'ny sainy be fotsiny izao, fa tsy misy fototra.
Raha izao zava-misy ankehitriny izao, amin'ny faminganana mpandraharaha malagasy sy fanapotehana orinasa malagasy, dia tena làlana mifanohitra amin'ny politika ara-toekarena fanandratana firenena. Nanana paik'ady mazava sy hentitra ary mahomby ireo firenena maro ao Azia atsinanana sy atsimo atsinanana maro, ka nahafahany nanainga sy nampandroso ny toekareny. Anisan'izany ireo firenena nofaritana taloha hoe «dragona efatra» sy ireo «zanaka tigra». Tany ampiandohany, ny paik'ady lehibe iray napetrany dia ny fitsinjovana fatratra ny fampivoarana ireo orinasa tao anatiny an'ny teratany. Ny fanalefahana ny hetra sy ny fanamorana ny fandoavana azy mbamin'ny fahafahany mitrosa amin'ny banky aza no vaindohan-draharahan'ny fitondrana tamin' izany. Tsy ao anatin'ny vanim-potoanan'ny krizy ara-toekarena toy izao anefa izany, fa mahatsapa avy hatrany ireo mpitondra tao aminy, fa mila miarina ny toekarena ary mila mandroso sy misandratra ny firenena. Dia iaraha-mahita, fa ireo orinasa ireo aty aoriana dia niha-nijoro sy natanjaka ary namokatra vokatra mitobaka eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.
Etsy ankilan'izany, ireo vahoaka ao amin'ireo firenena ireo ihany koa dia niara-nientana tanteraka sy niray fo hanondrotra sy hampisandratra ny fireneny. Nanome môdely tsara amin'izay ezaka sy firaisankina izay, sy nitarika ny vahoaka tao aminy ho amin'izany rahateo ny mpitondra. Tsy nisy ny vahoaka voailikilika sy tsy nivakiana loha, fa nohajaina izay ahafahany mandray anjara biriky amin'ny lafiny fihariana sy toekarena. Fototra iray lehibe sy andry iankinan'ny fisandratan'ny firenena ny firaisankinan'ny vahoaka, izay feno finiavana marina ary mahatsiaro ho tompondraikitra.
Ireo paik'ady roa lehibe fototra ahafahana mampisandratra ny firenena ireo anefa tsy ao anaty kajin'izao fitondrana Rajoelina izao velively ary tsy hita soritra mba hirosoany marimarina. Tsy azo dinganina velively anefa ireo n'inona n'inona fara-fahaizan'ny fitondrana raha ny traikefa efa hita hatramin'izay. Politika miaro tombontsoa sy seza hatrany mialoha ny asa fampandrosoana ny firenena, na izay asa tanterahiny no ataony vaindohan-draharaha. Tsy hisy araka izany izay fisandratan'ny firenena, na emergence, ventesina lava izay, fa raha ny zotran'ireo firenena efa misandratra mianavaratra avokoa, dia i Madagasikara toa entina mizotra mianatsimo.

***Radafy***

# NY TENY FIAINANA




*"Midira amin'ny vavahady èty hianareo; fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana izay mankany amin'ny fahaverezana, ka maro ny miditra any."*

***Matio 7:13***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Fahasahiranam-bahoaka : mety amin'ny fitondrana ary ampitomboiny isan'andro

Tsy maintsy mandeha ihany ny saina hihevitra, fa tsy olana amin'ny fitondrana ankehitriny ary mety aminy ny hahasahirana ny vahoaka Malagasy, raha mahita ny zava-misy sy ny fandehan'ny raharaha eto amin'ny firenena. Tsy misy afaka handà intsony ankehitriny, fa ao anaty fahasahiranana tanteraka ny vahoaka Malagasy noho ny fidirana sy fihanaky ny valanaretina covid-19. Ny mahatonga izay fahasahiranana lalina izay dia potika ny fihariam-bahoaka andavanandro, voatohintohina ny asa fivelomana, very ny asa natao hamelomana ankohonana noho ny fikatonana, na fahasahiranan'ny oirinasa aman'alina, mihena ny vola miditra, antsasa-karama sisa ho an'ny mpiasa sasany mbola miasa ary misy ny tsy mandray intsony. Mikorosy tsy mitsahatra ny toekarem-pirenena ary misoka lalina hatrany ao anaty fahantrana ny firenena.
Mazava loatra fa sarotra ny mitady asa amin'izao fotoana izao ary mbola haharitra fotoana ela izany. Ny ankamaroany mitsipozipozy avokoa, ka mbola ady goavana ny fiarenana hiverina amin'ny laoniny. Izay very asa izany dia mihahaka eo fotsiny aloha, ary toy ny valala voatango, tsy misy mpiahy, ary miady isan'andro mba ho velona sisa. Iaraha-mahita, fa tsy misy vahaolana haingana hamonjena ireo very asa sy very fivelomana ny fitondrana Rajoelina, tao anatin'ny 5 volana izay. Ny tena mahalasa ny saina sy manahirana tanteraka, dia ny fahitana ny fihetsiky ny fitondrana manakatona orinasa efa mba miady ny tsy hikatona, fa mamelona ny mpiasa ao aminy sy ireo manodidina miara-miasa aminy. Tranga iray lehibe amin'izany ny ataon'ny fanjakana amin'ny orinasa “Triple A” nanomboka ny Alarobia lasa teo ary hakatona mandritry ny tapa-bolana, hono. Tsy miasa saina na kely akory aza amin'izay hanjo ny mpiasa aman-jatony ao ny fitondrana, fa ny olany amin'ny orinasa no ahindrahindra. Raha mpiasa aman-jatony no miasa ao, ary mety aman-jatony maro no manodidina miara-miasa aminy, izay ho very fivelomana indray ihany koa hanampy ireo efa aman'hetsiny very fanahy mbola velona, fa tsy an'asa intsony am-bolana maro, ary fahasahiranana lalina no vokatr'izany.
Ny fihetsiky ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana izao, dia tsy miasa saina amin'izay fahasahiranam-bahoaka lalina izay. Ny fanakatonana orinasa ao anatin'izao fotoana toy izao, dia midika mazava loatra, fa fampitomboana ny isan'ny vahoaka sahirana ara-pivelomana. Araka izany dia tsy mamaha ilay fahasahiranam-bahoaka velively ity fitondrana ankehitriny ity, fa vao mainka manampy trotraka aza. Ary izay no mahatonga ny saina hihevitra fa mety amin'ny fitondrana izay hahasahirana ny vahoaka ao anatin'izao vanim-potoana izao, fa resaka fotsiny no betsaka. Tsy misy afaka hilaza, fa namaha izany olam-bahoaka, olan'ny orinasa ho fitsinjovana ny mpiasa ao aminy izany ny fitondrana. Io no porofo mitohoka amin'ny tendany. Ary ireo mba mikaro-kevitra indray manao asa fitadiavana hafa mbola voatohintohina ihany, fa tsy misy fepetra feno fahendrena avoakan'ny fitondrana hanamorana izany.
Tsotra ny resaka, raha mihazakazaka mihena toy ny tarehimarika amin'ny tranga vaovao amin'ny covid-19 sy ny mbola tsaboina, ny fihenan'ny tsy an'asa eto amin'ny firenena, ary mihazakazaka mitombo toy ny tarehimarika amin'ny sitrana ny fisokafan'ny orinasa Malagasy eto amin'ny firenena, dia azo ambara fa mihevitra sy mamaha ny fahasahiranam-bahoaka tokoa ny fitondrana Rajoelina. Fa raha ny mifanohitra amin'izany, toy ny zava-misy ankehitriny, dia tena tsy mivaky loha amin'izay fahasahiranam-bahoaka izay ity fitondrana ity ary mety aminy aza izany matoa izao no ataony, n'inona n'inona fanazavana. Fitondrana manao izay mampahantra vahoaka.

***Sôh'son***